

Lesona 1: Miteny Amintsika Ny Mpamorona

A. Miteny ny Mpamorona tao amin'ny saha Edena

1. Genesisy 1:26-27 Inona no resaka nifanaovana nandritra ny famoronana ny olombelona?
2. Inona no teny nolazain'ny Mpamorona antsika tamin'i Adama tao amin'ny sahan'i Edena talohan'ny namoronana an'i Eva? Genesisy 2:8, 15-18
3. Hafiriana no fanirian'ny Mpamorona antsika ny hifampiresaka mifanatrika amin'ny olombelona?
4. Inona no zava-nitranga nanapaka izany fifandraisana mivantana izany? Genesisy 3:1-8
5. Ahoana no nanatonan'i Jehovah Andriamanitra ireo ray aman-drenintsika voalohany taorian'ny nihainoan'izy ireo ny laingan'i Satana sy ny tsy nankatoavany ny Mpamorona azy? Genesisy 3:9
6. Inona no lazain'izany aminao momba ny toetran'ny Mpamorona antsika? 2 Petera 3:9, Jeremia 29:11-13, sns.

B. Miteny ny Mpamorona teny ivelan'ny saha Edena

1. Inona no vokatry ny tsy fankatoavan'ny ray aman-drenintsika voalohany an'ny Mpamorona azy ireo? Genesisy 3:16-24
2. Inona no ohatra hitantsika ao amin'ny Soratra Masina momba ny firesahan'ny Mpamorona mivantana amin'ny olombelona taorian'ny nandroahana ny ray aman-drenintsika voalohany avy tao amin'ny saha Edena?
 - a. Resaka tamin'i Kaina - Genesisy 4:1-15 Inona no azontsika ianarana momba ny Mpamorona antsika avy amin'ny resaka nataon'izy sy i Kaina?
 - b. Resaka tamin'i Noa - Genesisy 6:13-14, 17-18; 9:1 Inona no azontsika ianarana momba ny Mpamorona antsika avy amin'ny resaka nataon'izy sy i Noa?
 - d. Resaka tamin'i Abrahama - Genesisy 12:1-3
 - e. Resaka tamin'i Mosesy - Eksodosy 33:7-11
 - f. Ohatra hafa?

D. Miteny amin'ny alalan'ny mpaminanin'Andriamanitra ny Mpamorona

1. Fomba ahoana no nanohizan'ny Mpamorona antsika nifandray tamin'ny taranak'olombelona na dia nanasaraka antsika tamin'ny fifandraisana mivantana taminy aza ny ota? Hebreo 1:1, Amosa 3:7, Nomery 12:6
2. Fomba ahoana no nampitain'ireo mpaminany ireo ny fanambarana azony? 2 Petera 1:21
3. Iza avy ireo mpaminanin'Andriamanitra tena fantatra? (Hianatra momba azy ireo isika mandritra ity lesona ity)
4. Ahoana no nanehoana ny fifandraisana feno indrindra eo amin'ny Mpamorona antsika sy ny taranak'olombelona? Hebreo 1:2-3, Jaona 1:14, Jaona 14:9-10
5. Inona no fahamarinana momba ny Mpamorona antsika izay hitanao mazava tsara eo amin'ny fiainan'i Jesosy sy ny fampianarany?
6. Inona no fanoharana nataon'i Jesosy izay mampahatsiahy antsika fa maniry hamerina ny fifandraisana amintsika indray Andriamanitra, na dia very aza isika? Lioka 15:11-24, 25-32
7. Oviana ianao no nahatsapanao fa maniry hifandray manokana aminao Andriamanitra?